# ALAHADY NY NY FO MASIN'I JESOA

# TAONA B 2024



*« Miderà an'ny Tompo, miantsoa ny anarany; torio amin'ny firenena ny asany lehibe, ataovy antso avo, fa tafasandratra ny anarany» (IZ. 12: 4)*

Ry Kristianina havana, tamin'ny Alahady lasa teo isika no niara-nibanjina fa tsy Andriamanitra lavitra ny Andriamanitsika fa Andriamanitra eo anivontsika. Raha ny marina dia tokony nanao prôsesio isika namakivaky ny tanana sady nanambarantsika ny finoantsika fa tsy Andriamanitra lavitra ny Andriamanitsika fa mpiara-belona amintsika no nitalahoantsika an'Andriamanitra Be Famindram-po handrotsaka ny tsodranony. Dieny izao dia manomana ny fontsika isika hiatrika ny Kongresy Eokaristika Iombonana. Azo lazaina fa fanehoam-pinoana lehibe no hataontsika amin'izany fivahiniana masina hiarahantsika manao izany ka matoky isika fa tsy havelan'Andriamanitra irery isika. Mamelona antsika Andriamanitra amin'ny alalan'ny vatany sy ny ràny anambarany fa be fitiavana tokoa Izy. Izany fankalazana izany koa dia maniraka antsika ho Eokaristia Velona, ho TABERNAKLA VELONA eo anivon'ny mpiara-belona amintsika. Isika izao no Eokaristia tahaka an'i Masina Maria nandeha namangy sy nanompo an'i Elizabeta rahavaviny, tahaka an'i Victoire Rasoamanarivo, tahaka Lucien Botovasoa olontsambatra nanolotra ny ainy noho ny fitiavany ny tanindrazany. Tahaka an'I Carlo Acutis ilay tanora tovolahy nampiasa ny talentany sy ny fitiavana internet hanomezam-boninahitra ny Eokaristia. Isika ihany koa amin'ny alalan'ny fanorenana Eglizy fianakaviam-ben'Andriamanitra Fratelli Tutti, Olo Araiky Isika jiaby haneho fa Eokaristia amin'ny Kongresy fa i Kristy Fihavanantsika hanasitrana an'izao tontolo izao.

> **Vakiteny I :** Os. 11:1,3-4,8c-9,
> **Tononkira :** Izaia 12
> **Vakiteny II :** Ef. 3:8-12,14-19,
> **Evanjely :** Jo. 19:31-37,

Tamin'ny Zomà teo no nankalazana ny Fo Masin'i Jesoa fa noho izy mpiaro ny diosezintsika dia ankalazaintsika amin'izao Alahady izao ny fetin'ny FO MASIN'I JESOA ka ato amin'ny Katedraly isika no miara-mankalaza ny Fo Masin'I Jesoa. Omaly Asabotsy isika nankalaza ny Fo Madion'i Maria, anisan'ny mpiaro ny diosezintsika ihany koa.

Amin'izao Alahady hibanjinantsika manokana ny Fo Masin'i Jesoa, Alahady faharoa manaraka ny Pantekôty izao, entanin'ny Fanahy Masina isika no miroso na dia eo aza ny sakana rehetra vokatry ny krizy marolafy atrehintsika. Miroso koa anefa isika amin'ny ho EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA ZARY TABERNAKALA VELONA amin'izao fiomanana ny Kongresy izao.

Loharano sy fototra ho antsika ny Fo Masin'I Jesoa. Araka ny Evanjely dia nisy rano sy ra nivoaka avy amin'ny lanivoan'I Jesoa. Io no manambara ny fahaterahan'ny Eglizy sy ny Sakramenta mamelona azy. Sambatra isika izany manana ny Fo Masin'I Jesoa ho Mpiaro. Tena ny atin'ny fiainantsika vita batemy no banjinintsika ao amin'ny FO MASIN'I JESOA. Izany fibanjinantsika izany anie tsy ho "sentosento" fotsiny fa hanosika antsika hanahaka ny Fo Masin'I Jesoa ka zary FO ho an'ireo mpiara-belona amintsika. Tsy hoe ilay Fo nofo mitempo ao anatintsika no ambara eto fa ilay FO manambara ny fitiavana antsika olombelona. Entanin'ny Fanahy Masina tokoa isika izao mba ho Eokaristia ka ho FO tahaka an'i Jesoa. Mila FO tokoa izao andro sarotra izao. Marina tena ilaina ny vola aman-karena, ny tetik'asa, fa ny tena ilain'izao tontolo izao kokoa dia ny fanantenana sy fitiavana, mila FO, hoy Papa, hanarina izao fiainana potika tanteraka izao. Tsy aiza no ipoiran'ireo fa ao amin'ny FO. Ny FO tokoa no maha olona antsika. Ao ny angovo mandrisika antsika hanana fitiavana, ilay fitiavana mahafoy tsy misy tambiny, tsy misy takalo fa fitiavana maimaim-poana tsy mihatsarahavelatsihy ka mahatonga antsika hahafoy, hanompo tahaka an'i Jesoa ao anatin'ny fahamarinana. Noho ny fanolorany ny tenany dia tonga zanak'Andriamanitra isika. Raha fintinina ny fitiavana lazaintsika eto dia ny fahaizana mandray ny hafa araka ny maha izy azy ary manolotra ny maha izy azy ny tena. Misy takalo sarobidy izany ny fitiavana. Ao amin'ny fo no mitoetra izany rehetra izany. Amin'ny Fo Masin'I Jesoa anefa dia takalo sarobidy tokoa nefa takalo azo lazaina fa tena "perte", fahaverezana, satria tsy mitovy mihitsy ny takalo eto. Izany anefa ny fitiavana tsy misy fetra. Izany ny FO MASIN'I JESOA. Tena very Izy mba hananantsika ny hafenoana. Nanao ny experience I Md Paoly ka nilaza tsy mihambahamba "ao anatin'ny fahalemenao, hoy Jesoa, tamin'I Md Paoly, no iantsoako anao, mandray antsika araky ny toetrantsika i Jesoa".

Izao fankalazana manetriketrika ny Fo Masin'i Jesoa izao anie hahatonga antsika ihany koa ho FO amin'ireo manodidina antsika. FO feno fitiavana, mandray ny hafa araky ny maha-izy azy, araky ny fahalemeny, araka izay toetra ananan'ny olona ary manolotra ny maha antsika antsika. Izany no fototra mahatonga fanorenana mari-pototra sy tsy ho voazongozona. Ny talenta omen'Andriamanitra antsika dia entintsika manompo ny hafa mba hahafahantsika manorina izany Eglizy Tranon'Andriamanitra sy Eglizy Olona Velona izany.

Misy dikany manokana ny fankalazana ny fetin'ny Fo Masin'i Jesoa amin'izao amin'ity taona fankalazantsika ny Kongresy Eokaristika ity fa indrindra ny teny faneva tena mifanojo amin'ny Fo Masin'I Jesoa satria tsy aiza ny loharano sy fototra ny FIHAVANANA FA NY FO KA RAHA NY MARINA NY FO MASIN'I JESOA MPAMPIHAVANA NO MANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO satria ao Aminy sy miaraka Aminy ary amin'ny alalany dia zary MPIRAY TAMPO ISIKA JIABY ka afaka mifanasoa sy mifampitsimbina mikajy ny soa iombonana.

Ny fo no loharano sy fototra mitondra amin'io fiovam-penitra mahery vaika io izay hitarika hanao safidy araka ny sitrapon'Andriamanitra fa tsy araka ny sitrapontsika. Izao tokoa ny fotoana mila hanaovantsika "safidy" hitondra amin'ny depart vaovao. Ho Pantekoty vaovao hitarika antsika amin'ny fanorenana ny FRATELLI TUTTI hahatonga antsika ho OLO ARAIKY ISIKA JIABY araka ny nofinofin'ny Papa sy nofinofintsika. Mila FO izay FRATELLI TUTTI ka ny FONTSIKA manahaka ny Fo

Masin'I Jesoa no angovo manosika antsika amin'izany. Araka ny averimberintsika, aoka tsy ho diso ady atrehina isika. Noho ny toe-pahotantsika dia tsy ny ao anaty manapotika ny fifandraisantsika no iadiantsika fa ny olona manodidina antsika ka mifanilika isika mifanaratsy. Raha maniry depart vaovao, Pantekoty vaovao dia aoka hitoetra ao ampon'I Jesoa. Tanteraka izany raha mahay mifampitsimbina, mifanao soa ao anatin'ny fampanjakana ny marina sy ny fikatsahana ny soa iombonana. Araka ny voalazantsika teo dia ny FO NO IVON'IZANY. Mila miova ny fontsika hanahaka ny Fon'i Jesoa : FO MAHAFOY SY MANOMPO. Tsy irery isika amin'izany fa miaraka amin'ny FO MADION'I MARIA. Izany no tsy mampisaraka ny fankalazana azy ary Izy Fo anankiroa no Mpiaro ny diosezintsika.

Ny tenin'Andriamanitra novakintsika dia manambara fa ilay Fon'i Jesoa dia tsy manavakavaka, tsy manilikilika fa mikarakara antsika, mahalala ny ondriny Izy, miahy antsika Izy hoy Ezekiela mpaminany : "*Hoentiko mivoaka avy any amin'ny hafa firenena izy, ary hangoniko avy any amin'ny tany samihafa, hampodiako eo amin'ny tena taniny izy, dia handrasako eny amin'ny tendrombohitr'i Israely, eny an-dohasaha aman-toerana rehetra onenana amin'ny tany".* Izany no katsahintsika amin'izao ezaka ataontsika amin'ny fanaovana "depart vaovao" izao mitondra antsika amin'ny Fankalazana ny Kongresy izao izay irintsika tsy ho fankalazana fotsiny fa haninteraka ny fiainantsika ka hiroso amin'ny FIHAVANANA HANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO. Vanim-potoana lehibe amin'ny fiainan'ny diosezintsika tokoa, amin'ny fiainan'ny Eglizy eto Madagasikara mialoha ny fankalazana ny Jobilin'ny Famonjena izao Kongresy izao ka ny tanjony dia fanorenana ny FIANAKAVIAM-BEN'ANDRIAMANITRA OLO ARAIKY ISIKA JIABY FRATELLI TUTTI. Io no voalazan'ny Mpaminany Ezekiela, hiaraka hiangona isika, hiaraka handinika isika, avy amin'ny toerana maro samihafa isika, manana hevitra maro samihafa isika fa hibanjina kosa an'Ilay mpiandry ondry tokana dia i Jesoa satria Izy no mpiandry antsika rehetra. Izy ilay Mpiandry Ondry Mpampihavana. Mikarakara izy, ireo nania dia averiny. Enga anie izany tokoa ny ho vokatr'izao Kongresy izao.

Manambara koa i Md Paoly fa matoa isika afaka miombona, matoa isika olo araiky ao amin'Andriamanitra dia satria efa narotsak'Andriamanitra ao am-pontsika ny Fanahy Masina fitiavan'Andriamanitra.

Ry Kristianina havana, ny Fanahy Masina no aoka hanentana antsika, raha ao am-pontsika tokoa ny Fanahy Masina dia ho lavitra antsika ny fialonana, ny avonavona, ny fitiavan-tena, ny fihatsaram-belatsihy, ny lainga sy ny fitapitaka izay manapotika ny fiainantsika andavanandro… Raha lavitra ireo ka mitoetra ao amin'ny Fihavanana isika dia zary ho mpanorina isika fa tsy mpandrava. Fantaro àry fa raha miaraka amin'ny Fanahin'Andriamanitra isika na dia mpanota aza dia antsoin'Andriamanitra amin'ny fiombonana Aminy ka izay fiombonana Aminy izay no FIHAVANANA SADY KRISTIANINA NO MALAGASY MANASITRANA.

Ny Evanjely dia manambara fa ilay Tempoly tsara dia i Jesoa, mikarakara sy be famindram-po Izy ary ny katsahiny dia mba ho iray ao Aminy isika rehetra, ho Olo araiky ao amintsika, ho fianakavian-janahary. Izany no tadiavin'Andriamanitra sy ny lahatr'Andriamanitra amintsika. Na dia manao ahoana ny toetrantsika dia mitady hihavana amintsika Izy. Izany koa no tokony ho toetrantsika amin'ny fanorenana ataontsika, miara-paly amin'ny fitiavan'Andriamanitra, na ireo very na ireo efa ao mba ho iray ihany ao amin'Andriamanitra, ao amin'ny Fon'i Jesoa.

Izany no mahatonga antsika raha te hanorina fihavanana marina isika, raha te hametraka politka lavorary araka ny fampianaran’I Papa François amin’ny Ansiklika dia mila diovina ny fihavanana, mila fihavanana évangélisé izany hoe sady kristianina no Malagasy. Ny fitoerantsika, ny fipetrahantsika amin’I Jesoa no hanadio ny fihavanana satria nampanantena I Jesoa fa tsy maintsy rantsanana ny sampana mba hamokatra bebe kokoa ary hitondra amin’ny fifaliana lavorary. Meteza àry isika ho diovin’ny Fanahy Masina.

Ry Jesoa Tompo ô, ny Fonao tokoa no banjininay amin’izao fankalazana ny Fo Masin’i Jesoa izao, nisy rà sy rano nivoaka tamin’ny Fonao manambara ny fanorenana ny Eglizy. Mikasa hanorina Eglizy Olona Velona Misionera Tabernakla Velona izahay. Maniry hanorina Fianakavian-Janahary, Fratelli Tutti, Olo Araiky mifampitsimbina, mifanasoa ao anatin’ny fahamarinana, mikatsaka ny soa iombonana. Enga anie hahay hanararaotra ny KONGRESY EOKARISTIKA NASIONALY izahay mba hikatsahanay mandrakariva ny sitrakao fa izany no lalana mitondra amin’ny fanorenana ny FIANAKAVIAM-BEN’ANDRIAMANITRA FRATELLI TUTTI OLO ARAIKY ISIKA JIABY. Hahay hanararaotra ny fanentanan’ny Fanahy Masina anie izahay ka zary Pantekôty vaovao ho anay tokoa ireo sedra mafy be mampahatsiaro ny ady natrehin’ireo Kristianina tamin’ny fanombohan’ny Eglizy. Mila fanombohana vaovao izahay hiroso amin’ny lalindalina kokoa. Tsaroanay am-bavaka ireo tsy misy mpiahy, ireo marary ary indrindra ireo lavon’ity krizy maro lafy ity, amin’izao fankalazana ny Fonao Masina izao. Enga anie hahita Fo feno fitiavana tahaka Anao izy ireo ary ampio izahay mba ho Fo hahay mandray ny maha-izy azy an’ireo manodidina anay ary ho Fo vonona hanolotra ny tenanay, ny maha izahay anay amin’ireo manodidina anay ka hahatonga anay ho mpanorina tokoa araky ny sitrakao. Enga anie izahay ho MPAMPIHAVANA HO EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA MPAMAFY FIADANANA SY FANANTENANA. Ry Fo Madion’I Maria ampianaro izahay haka tahaka hatrany ny Fon’I Jesoa zanakao. Md Josefa Ianao no Ray Mpiaro ny Eglizy eran-tany mivavahà ho an’ny Ray aman-dreny na Ray aman-dreny mitondra eo anivon’ny fiaraha-monina na ireo Ray aman-dreny eo anivon’ny fianakaviana mba hanana FON-DRAY tokoa vonona hanompo sy hahafoy. Manana modely izahay amin’izany dia Lucien Botovasoa Olontsambatra. Ianareo Olomasina sy Olontsambatra Malagasy mivavahà ho anay mba hanana FO vonona hanompo mandrakariva izahay. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson